www.fjkm-ambohitantely.mg



# GAZETY Tantely

*"Ary ny toho-tantely ho mamy eo am-bavanao" (Ohab. 24:13)*

**Laharana faha-90 / 25 Desambra 2021/ 1.000Ar**

# "KRISMASY 2021"



"Midera an'i Jehovah fa tsara IZY"

## Fitandremana





*Faha 20 niaraha-nanompo*

>7


Sabatry ny Fanahy >2
Editorial >3
VAHINY >4
FRK >5
S.A >6
C.M.A >7


## Vahiny



*Naly sy Lisy*

## Sampana



*Hetsika faha 30 taona FRK*



*S.A. Tsangambato 2*



*C.M.A 40 TAONA*

GAZETY AVOAKAN'NY F.J.K.M. AMBOHITANTELY

Mibahan-toerana ao amin'ny bokin'ny Salamo ny fiderana an'Andriiamanitra. Mandray roa izany fiderana an'Andriamanitra izany, dia ny olona sy ny zavaboary. Asehon'ny bokin'ny Salamo mantsy fa ny antom-pisian'ny zavaboary dia mankalaza Ilay Mpahary azy. Ny fanekempinoana roa na telo mahazatra antsika, Nikeana, Apostolika, Larochelle, dia mametraka an'Andriamanitra ho fototry ny fisiana ny fiainana. Hany ka tonga hazondamosin'ny Litorjian'ny Fiangonana Protestanta ny fametrahana an'Andriamanitra ho Mpahary, ho fototry ny zavatra rehetra sy mihazona ny zavatra rehetra.
Eto ny Mpanao Salamo dia mitaona nmanodidina azy hidera an'Andriamanitra.
Inona moa no hatao hoe midera?

***1.Manome voninahitra an'Andriamanitra***

Ny dikan'ny hoe Fanompoam-pivavahana voalohany indrindra dia fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra, fanandratana ny voninahitr'Andriamanitra. Nalàn'ny olombelona baraka mantsy ny Anaran' Andriamanitra fony izy nihodina tao Edena ka ny fahotana sy ny faharatsiana ataon'ny olombelona sy ataon'ny zavaboary dia tsy ota ataony amin'ny tenany aloha voalohany fa ota ataony amin'Andriamanitra, ka mampitondra henatra Ilay Mpahary azy. Amin'izany dia toy ny mifanohitra ny ota sy ny voninahitra.
Rehefa manota ny olona dia toy ny manala baraka an'Andriarnanitra izy. Amin'ny alalan'ny fanolorantenany sy ny fiderany an' Andriamanitra indray no anandratany ny voninahitr'Andriamanitra.
Koa ny fomba iray anandratan'ny olona ny voninahitr'Andriamanitra izany dia ny fibebahana sy ny fanoloran-tena ary fanaovany fivoriana masina hankalazany Ilay Ray Mpahary azy. Lanja no dikan'ny teny hoe voninahitra amin'ny teny Hebreo, toy ny milaza fa ny hoe manome voninahitra an'Andriamanitra dia manome lanja mavesatra an'Andriamanitra. Noho izany, raha miteny ny Mpanao Salamo hoe "miderà an'i Jehovah" dia midika hoe omeo voninahitm, ataovy mavesa-danja, asandrato, aza atao mitondra henatra ny Anarany.

***2.Misaotra an'Andriamanitra***

Ny hoe fisaorana dia midika ho fankasitrahana, fandraisana amin'ny fifaliana izay fanomezana na tolotra na asa natolotra ho an'ny tena.
Miverimberina ao amin'ny Soratra Masina ny fi taomana ny olona hahay hisaotra an'Andriarnanitra. Toetra takiana aminy mihitsy aza izany, araka ny tenin'ny Apostoly Paoly hoe « misaora amin'ny zavatra rehetra ». Raha ao am-pon'ny olona ny finoana fa mahay ny zavatra rehetra Andriamanitra ary raha iainan'ny olona ny fahatokiana fa tia azy Andriamanitra dia tokony ho mandeha ho azy aminy ny fisaorana an'Andriamanitra, na dia ao anatin'ny zavatra sarotra sy mafy izay tsy niriany aza izy. Matetika mantsy isika ao anatin'ny zavatra mahafaly antsika ihany no misaotra. Rariny tokoa izany, nefa ny adinontsika fa na dia ao ny zavatra mafy lalovantsika aza dia hain'Andriamanitra amboarina, raha tsy efa fandaharany rahateo, hahasoa antsika. Ny tsy fahaizana mankasitraka sy misaotra an'Andriamanitra dia midika ho fisalasalana ny amin'ny fahefan'Andriamanitra na tsy fanekena fa manao ny tsara mandrakariva IZY. Noho izany, tokony ho fiainantsika, na dia mafy aza, mainka moa fa ao anatin'ny fifaliana ny misaotra an'Andriamanitra satria ny midera an'Andriamanitra dia midika ho fisaorana Azy. Tokony ho ao am-pontsika mandrakariva sy fiainantsika ny fisaorana an'Andriamanitra, tsy eo anivon'ny Fiangonana ihany fa any anivon'ny tokantrano sy ny sehatra misy antsika. Ny fo mahay mankasitraka dia ankasitrahan'Andriamanitra.

***3.Mitondra fanatitra***

Ny voalohany hiderantsika an'Andriamanifra dia amin'ny alalan'ny teny toy ny feo sy ny hira. Ny fomba hiderana an'Andriamanitra ihany koa dia amin'ny' alalan'ny asantsika. Miasa isika saingy ny mampahavokatra azy ireny dia Andriamanitra. Ny mampisy fifaliana ao anatin'ny asa dia Andriamanitra. Ny mampisy fanambinana dia Andriamanitra. Izay no nahatonga an'i Mosesy nanao vavaka hoe « Tompo o, ampitoero aminay ny asan'ny tananay, eny, arnpitoero izy". Toy ny rnilaza fa tsy voatery hitoetra na hahomby akory ny olona raha tsy eo ny fitantanan'Andriamanitra sy ny fiahiany. Izay no mahatonga ny Soratra Masin'ny Testamenta Taloha mitaiza ny Zanak'Israely hisaotra an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny asan'ny tanany.
Ny fanatitra izay natao hoe fanati-pisaorana na fanati-piderana dia famantarana hita maso ny fankasitrahan'ny olona an'Andriamanitra. Raha nitondra ny fanatitra tao amin'ny Tempoly ny Zanak'lsraely dia toy ny mitaona ny zavaboary rehetra hidera an'Andriamanitra.
Ny fanatitra ary dia tsy inona fa fanekena fa fanomezan'Andriamanitm izay eo amintsika ka entintsika mankasitraka an'Andriamanitra. Io no nahatonga ny Soratra Masina mampianatra ansika manao hoe "Aoka tsy hiseho foana eo anatrehan'i Jehovah tsy hitondra fanatitra". Ny dikan'izany dia ny hoe Andriamanitra nanome antsika ny zavatra rehetra ilaintsika, ny zavaboary manodidina antsika, noho izany, tokony hoentitsika miara-miseho amin'i Jehovah isika sy ny zavaboary. Tsy tian'Andriamanitra hisaraka amin'ny asan'ny tanany ny asan'ny fanambinany isika.
Tsy fitiavan'Andriamanitra handray velively no itakiany ny fanatitra fa fampahatsiahivana antsika fa tsy afa-misaraka amin'nv asan'Andriamanitra isika, tsy afa-misaraka amin'ny zavaboary izay nataon'Andriamanitra isika. Noho izany, dia efa karazana fivilian-dalana ihany ny fanadinoan'ny kristiana izy sy ny zavaboary dia nataon'Andriamanitra hifamatotra hiara-manorne voninahitra ny Anarany. Izay rahateo no dikan'ny hoe fotoam-bokatra ao amin'ny Testamenta Taloha, fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra, izay nanjary toa fanindrahindrana ny vola indray taty aoriana.

**FEHINY**

"Midera an'i Jehovah fa tsara IZY".
Ho an'Andriamanitra irery ny Voninahitra.

***Ny Mpitandrina***

Mankalaza ny nahaterahan'ny Tompo, nitafy nofo, nidina tety an-tany hitondra famonjena ho antsika isika.
Famonjena nofenoiny ho tanteraka tamin'ny nanolorany ny tenany hohomboina teo amin'ny hazofijaliana, mba halatsa-drà sy hofaty ho antsika.
« Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa, Izay na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra, fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona ; ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona IZY dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazo fijaliana » (Fil 2 : 5-8)

**MPAMONJY MORA AZO INDRINDRA : (Sal 46 :1)**

« Mandia tany ka tsy maintsy solafaka, miloloha lanitra ka tsy maintsy lena ny olombelona », hoy ny Ohabolana Malagasy. Eo amin'ny fiainana dia tsy hilaozan'izay fahavoazana mihatra amin'ny tena : tsy fahampiana, tsy fahombiazana, fahoriana, fangirifirina... Eo indrindra no ilana fanampiana sy famonjena. Mitotototo any amin'ny havana aman-tsakaiza, misarangotra amin'izay heveriko ho manana, mahery noho ny tena, mitalaho, miangavy... misy ihany ny tsara sitrapo mamonjy, saingy indraindray, mila tambiny ary misy fetrany. Matetika anefa dia fandavana na fialan-tsiny no azo: «izahay koa anie izao sy izao e... »
Fa ny Tompotsika tsy mba tahaka izany. Hoy indrindra aza Izy : "mankanesa aty amiko ianareo izay miasa fatratra sy mavesatra entana" (Matio 11: 28)
Mpamonjy mora azo indrindra IZY satria tsy mila fiangaviana fa Izy indray no miantso. "Mangataha dia omena ianareo, dondony dia hovohana ianareo" (Matio 7: 7) hoy izy

**MPAMONJY NO IANTEHEFANA**

"Jamba samy jamba ka any an-kadyno hiafarana"; "Aza miantehitra amin'ny andry boboka", hoy ny oha-pitenenana Malagasy. Eo amin'ny fitadiavam-pamonjena, dia misy tokoa ny manolo-tanana, mety ho an-tsitrapo tsy mila tambiny nefa misy koa sy be fanome zan-toky Kanefa tsy mahatanteraka ny teny nomeny. Ny vokany? Vao mainka mitombo avo roa heny ny fahavoazana fa "ny nantenain-kanirina vao mainka mampivandravandra"; "ny an-tanam-botsotra, ny antenain-tsy azo".
Fa ny Tompotsika, mpamonjy azo ianteherana! "Mpamonjy sy Mpa nafaka Izy (Salamo 40 : 17). Mpamonjy ny kamboty (Sal lo: 14). Mpamonjy izao tontolo izao (Jaona 4: 42).
Ireo mpianatra ireo sakaiza niaraka tamin'ny Tompo dia nino sy natoky fa azo ianteherana Izy "raha teto Ianao dia tsy maty ny anabaviko", hoy I Marta anabavin'i Lazarosy; nefa fantatro fa na dia ankehitriny aza na inona na inona hangatahiko amin'Andriamani tra dia homen'Andriamanitra anao izany (Jaona 11 :21-22). Mpa monjy azo ianteherana ny Tompo!

**MPAMONJY AMIN'NY FOTOANA ILANA AZY**

Ny famonjena rehetra dia mitondra hafaliana sy fanafahana avokoa; fa ny famonjena Iafatra indrindra dia ny famonjena amin'ny tsy am poizina, famonjena azo tamin'ny famoizam-po lalina, famonjena tsy nantenaina intsony. Tsahivo ny famonjena azon'ilay jiolahy niaranohomboina tamin'ny Tompo. "Jesosy o, tsarovy aho rehefa any amin'ny fanjakanao Ianao"…dia hoy nyvaliny "Anio no hihaonanao Amiko any Paradisa" (Lioka 25:42).
Toy izany koa ny nampodian'i Jesosy ny rano ho divay tao Kana (Jaona 2): "tsy mbola tonga ny fotoako", hoy IZY. Tsy mila baikona ny Tompo fa hainy ny mitondra famonjena amin'ny fotoana ilana Azy.
Firifiry akory moa ny mpino Kristiana no mijoro ho vavolombelona fa amin'ny fotoana iheverana fa tsisy fanafodiny intsony, tsisy fanantenana intsony ka miantoraka, mivavaka mafy amin'ny Tompo no mahazo valim-bavaka tsy ampoizina hatrany.

**FAMARANANA**

Andriamanitry ny famonjena ny Tompotsika! Mpamonjy mora azo indrindra Izy, Mpamonjy azo ianteherana! Mpamonjy amin'ny fo toana ilana azy. Tsy mamela antsika ho irery IZY! Tsy mamela antsika ho very IZY! Matokia Azy fa hataony tanteraka izay irin'ny fonao. Mi vavaha ka aza mitsahatra!

***Nalisoa RAVALITERA***
***Loholona***

**RAVALITERA Jean Rabenalisoa (Ramose Naly na Zoky Naly) sy LISY vadiny**

Nankalazaina teto amin'ny FJKM Ambohitantely ny Jobily faha-50 taonan'ny mariazin'i Ramose Naly mivady na RAVALITERA Jean Rabenalisoa sy RANDRIAMAMPIONONA Lisy . Tamin'ny 6 nôvambra 2021 no nanaovana izany. Andro asabotsy toy izany indrindra no nanamasinan'i Pasitera Andriamanjato teto amin'ny fiangonantsika. Toy izao ny resaka nifanaovanay taminy :

***Gazety Tantely : Arahabaina indrindra ianareo mivady tratr'izao fitsingerenan'ny andro mariazinareo, feno 50 izao. Tena azo isaina amin'ny rantsan-tanana ny fanambadiana naharitra toy izany ka mbola samy velon'aina ny mpivady, ary hamasinina eto am-piangonana toy izao indray. Manao ahoana ny fihetseham-ponareo amin'izany ?***

***Naly sy Lisy*** : Isaorana indrindra Andriamanitra noho ny fahasoavana tsy tambo hotononina « mitondra anay amin'ny fitahiana mahatretrika (Salamo 66/12) » narotsany taminay ka nahatraranay izao andro sarobidy izao. Toy ny nanonofy izahay niaina sy nampiainina indray ny 50 taona lasa. Saika ny fandaharana tamin'izany ihany mantsy no naverina. Nahatsiarovana ireo ray aman-dreny nanatrika tamin'izany izay efa samy nalain'ny Tompo hody any aminy : tao ny Mpitandrina Andriamanjato mivady, tao ny ray aman-dreninay, Dada sy Neny sy Papa sy Mama ary ireo ray aman-dreny be nanotrona sy nitso-drano anay tamin'izany. I Bessa mihitsy, izay namana mpiray dabilio sy kilasimandry no nihira ny Mino ahy, ny Chorale Ambohitantely no nanafana ny fotoana ary nihira teo koa ny ATAUM izay nihira ny hiran-dRaboatiana hoe ''Raha maika ny lanitra mantsy ny tany". Ny teny nofidinay moa dia ny hoe :" Ahy ny malalako ary an 'ny malalako aho" ( Tononkiran'i Solomona 2/16) izay nampiaiky ny olona ny nahasahian'i Pasitera nivaofy izany satria mbola tsy dia nisy nanao izany tamin'ny fotoan'andro.

***G.T Nanao ahoana ny niainanareo izany dimampolo taona izany teo amin'ny fiainana an-tokantrano sy ny adidy amin'ny fiaraha-monina ary ny fanompoana ny Tompo?***

***N/L :*** « Izay sitrapoNY, ekeko fa ambony » . Io andalam-pehezanteny tao amin'ny tononkiran'i Bessa io no nanankinanay ny fiainanay manontolo. Nankininay tamin'ny Tompo hatrany ny fiainan-tokantranonay nahafahanay nisedra izay nety ho zava-tsarotra teo amin'ny fiainanay ary indrindra ny nisitrahanay fifaliana sy fahasambarana ary fahombiazana teo amin'ny sehatra maro nisy anay. Azo lazaina ho niangaran'Andriamanitra izahay fa voataiza ara-panahy teto amin'ny Fiangonana Ambohitantely misy antsika ity : Niara-nianatra, dia nampianatra Sekoly Alahady, Samy mpandray fanasan'ny Tompo , Mpiandraikitra Tily sy Mpanazava teto dia samy voantso ho Foibem-pikambanana, Filohan'ny Komitim-pivondronana faha-21, nihira niaraka tamin'ny Kristiana Tanora fahizany, izay niova ho Chorale, Samy Diakona dia Loholona ary samy any amin'ny Sampana misy eto amin'ny Fiangonana : SLK, VFL, CANTINE, C.A.. .Ireny rehetra ireny no azo lazaina ho nampirindra ny fiainanay araka ny voasoratry ny mpanoratra frantsay antsoina hoe Saint Exupery manao hoe " aimer, ce n'est pas se regarder l'un et l'autre mais regarder ensemble dans la même direction ", izay narindran'i Bessa ho tononkira hoe : "tsy hoe mifampibanjina tsy miato, fa fo miara-dia te hilanto". Ankoatra izany dia tsy dia nifanalavitra ny fari-pahaizanay ary nifameno satria ny iray literera, ny iray siantifika. Ny fandraisana andraikitra teo amin'ny fiarahamonina sy ny fiainam-pirenena, ny Fampianarana sy ny Fanabeazana ary indrindra teo amin'ny Fikambanana maro nisy anay dia tsy nahatsiarovanay ho nisy banga teo amin'ny fiainana. Nomena be izahay dia nanome ary nizara ny talenta sy fanomezam-pahasoavana nomen'ny Tompo anay.

***G.T : Azonareo fintinina ka hozaraina amin'ny mpamaky ny Gazety Tantely, indrindra ny tanora, ve ny tsiambaratelo na ny fanalahidin'ny fahombiazana nampateza ny tokantranonareo ?***

***N/L:*** Araka ny hevitray dia ireto tanisainay ireto no torolalana enti-miaina an-tokantrano : Ankoatra ny FITIAVANA izay lehibe indrindra dia ny fifankahalalana tanteraka, ny fifampitokisana, ny fifandeferana, ny fifampiresahana, ny fifanajana ary indrindra ny FINOANA an'Andriamanitra izay anankinana hatrany ny fiainana. I Jesoa no vato fehizoron'ny fiainan-tokantrano. Tsy mirindra foana akory ny fiainana fa tsy maintsy misy ny olana madinidinika kanefa ireny aza no vao mainka mampifamatotra rehefa voavaha. Nilaina koa ankoatra ny fiainana ao an-tokantrano ny misinda any ivelany; manao vakansy sy mitety tany firenena hafa hanovozam-pahalalana sy traikefa. Mihoatra ny folo ny firenena hafa nivahinianay niaraka.

***G.T: Satry foana hitafa aminareo eto, fa inona ny hafatra tianareo hampitaina amin'ny zandry zanaka izay efa manan-tokantrano na mikasa hanorina mba hateza ny fanambadiany?***

***N/L :*** Efa voalaza daholo angamba ny fijoroanay ho vavovolombelon'ny fiainan-tokantrano mirindra araka ny voady natao teo anatrehan'ny alitara fa izao no hafatra an-tononkalo amintinanay azy :

"***Rehefa tena tia,***
***Mandrakizay doria!***
***Manaja izay nekena, Manafoana tena!***
***Tia ireo Havana,***
***Tsy manavangavana!***
***Tsy misy efitrefitra,***
***Mahay mifandefitra!***
***Mifampitafa foana***
***Na ahoana na ahona !***
***Mahay mifanompo,***
***Hoy ny hafatry ny Tompo!***
***Izay sitrapony***
***Ekena fa ambony !***

***G.T:*** Misaotra sy mankasitraka anareo ny Gazety Tantely
***N/L :*** Misaotra ny Gazety Tantely. Dia ho an'Andriamanitra irery anie ny voninahitra !

# FIKAMBANANA RAIAMANDRENY KRISTIANA

## *30 taona 1991-2021*

Toy izao sy toy izao raha fintinina ny fotoam-pankalazana ny faha 30 taonan'ny Sampana F.R.K

Fotoam-pankalazàna : alahady faha-11 aprily 2021 ka hatramin'ny alahady faha-28 novambra 2021

A) ***Teny faneva faha-30 taona*** : « Tsy manana fifaliana mihoatra noho izao aho, dia ny andrenesako fa mandeha araka ny fahamarinana ny zanako » (III Jaona 4). Ramatoa RAKOTONAVALONA Andry Lalao, mpikambana ao amin'ny FRK no nofidin'ny mpikambana handrafitra ny teny faneva faha-30 taona, teny faneva narafitra avy amin'ireo « mots clés » nomen'ny mpikambana tsirairay.

***Hira faneva faha-30 taona*** : NY TOKINY. Andriamatoa RAVALITERA Mamy, mpikambana FRK no voafidy hamorona ny tononkira nalaina avy amin'ny teny faneva, ary Ramatoa RANDRIANOELINA Nivo Hanitra no nanao ny feonkira

***NY TOKINY***

Fiv. : Fa hoy ny tokiny : Tsy misy mahafaly ahy
Mihoatra noho ny mandre
Fa ny zanako mandeha
Araka ny fahamarinana

1)Taona maro no efa lasa
Mbola be anefa ny asa
Misy ilain'ny Tompo anao
Koa mandehana ka efao
Hoy ilay antso mahaliana
Mitsangàna aza variana
Tanteraho ilay nekena
Miaingà, mahafoiza-tena
Fiv. : Fa hoy ny tokiny : ……..

2)Ray sy Reny, Zoky koa
Mikeleza, mijoroa
Izay vitan'ny tananao
Hanabeazo ny zanakao
Vaki-boky, fahalalàna
No hitondra fahazavàna
Ary fifehezan-tena
No antoky ny fahendrena
Fiv. : Fa hoy ny tokiny : ……..

B) ***Alahadin'ny FRK*** : alahady faha-26 septambra 2021 amin'ny 10 ora maraina ao amin'ny FJKM Ambohitantely :
- Mitarika fotoana : RAKOTONJANAHARY Lalanirina, Filohan'ny FRK
- Mitoriteny : RAKOTONIAINA Voninkazo Helisoa, Mpitandrina
- Fotoana manokana : RASAMOELINA Samson, Mpitandrina

D) ***Fitokanana ny Tranomboky ANDRIANONY Mpitandrina :*** Notokanana ny alahady 26 septambra 2021 taorian'ny fotoam-pivavahana ny takelaka Tranomboky ANDRIANONY Mpitandrina. Ny Mpitandrina RASAMOELINA Samson no nanatanteraka izany.
Nampitondraina ny anaran'ny Mpitandrina ANDRIANONY ny Tranombokin'ny FJKM Ambohitantely noho izy :

1) Mpitandrina teto Ambohitantely, ary nitaiza ny Fiangonana tamin'ny fampivelarana ny literatiora kristiana ;
2) Mpampianatra teolojy tao @ LMS Collège koa izy ka nanao ho zavadehibe ny fikarohana sy ny vakiboky ;
3) Isan'ireo Mpitandrina 12 lahy nanao fanitsiana ny fandikana ny Baiboly Malagasy voalohany ;
4) Mpitandrina niara-niasa sady mpanolotsaina ny mpanjaka ka nitaona azy hisokatra tamin'ny fandrosoana ;
5) Tia tanindrazana sady Tia fitaizana tanora.

Sakafom-pirahalahiana no namarana ny ivon'ny fankalazana ny faha-30 taona ny FRK

E) ***Herinandron'ny Tranomboky*** : Sabotsy 13 ka hatramin'ny alahady 21 novambra 2021
•Sabotsy 13 novambra nanomboka tamin'ny 9 ora : Fotoam-pivavahana fohy tao amin'ny Tranolay Fihaonana RASOAMANANA
•Sabotsy 13 novambra nanomboka tamin'ny 10 ora : Ireo karazana fifaninanana tao @ Akany ARM sy tao @ bibliothèque
•Sabotsy 13 ka hatramin'ny alahady 21 novambra : Varotra fampirantiana ireo boky masina vaovao
•Alatsinainy 15 ka hatramin'ny sabotsy 20 novambra : Mandritry ny herinandron'ny Tranomboky, araka ny fiarahamiasa eo amin'ny Tranomboky ANDRIANONY Mpitandrina sy ny Tranombokim-pirenena Malagasy, dia nisy ireo Mpanoratra Malagasy nanolotra ny asany, sy nitondra fanazavana mikasika ny asa soratra Malagasy.
Ireto avy ireo vahiny nasaina :

1 – Alatsinainy 15 nôvambra 2021 : Riambola Mitia
2 – Talata 16 nôvambra 2021 : Rado Rakotondrazaka
3 – Alakamisy 18 nôvambra 2021 : Mampandry Ny Aina Manitra
4 – Zoma 19 nôvambra 2021 : Ny Iraka Rambolamanana
5 – Sabotsy 20 nôvambra 2021 : Elujar Artinef sy Riva Ando Andriamalala

F) ***Fizarana loka tamin'ny karazana fifaninanana natao ny sabotsy 13 novambra :*** Natao ny sabotsy 27 novambra tao amin'ny Akany ARM ny fizarana ny valisoa ho an'ireo rehetra nandray anjara

G) ***Fanolorana ny tsangambato ho an'ny Fiangonana noho ny faha-30 taona :*** alahady 26 septambra 2021 ny ivon'ny fankalazàna ny faha-30 taona ny FRK, groupe électrogène vaovao izay ho ampiasain'ny Sampana rehetra amin'izay ilàny azy, no tsangambato faha-30 taona ny FRK



# SEKOLY ALAHADY/ TSANGAMBATO 2




*"Fa aoka ho mpanakò ny Teny hianareo" Jak 1/22a*

Izany an-dalan-tsoratra masina hita ao amin'ny Jakoba toko 1 andininy faha 22a izany no nentinay namakivaky ny taom-pankalazana 135 nijoroan'ny Sampana Sekoly alahady Fjkm Ambohitantely
Ary ny Seho antsehatra " Tsangambato Roa " notanterahina ny alahady 24 oktobra 2021 tao amin'ny CCESCA Antanimena, no hetsika goavana notanterahinay noho izany fankalazana ny faha 135 taona nijoroan'ny Sampana Sekoly Alahady FJKM Ambohitantely izany.
Tontosa soamantsara ny hetsika.
Ny Tsangambato roa moa dia Tantara nosoratan'i Ratsisetraina Johnson, zafikelin'ny Mpitandrina Ratsisetraina avy ao Imerintsiatosika, iray tamin'ireo Mpitandrina 12 mirahalahy nandika ny Baiboly tamin'ny Teny Malagasy tamin'ny fotoan'androny tao anaty Rova, efa nampahafantarina antsika teto izany.
Tantara mifono anatra sy hafatra tiana ampitaina amin'ny vahoakan'Andriamanitra sy ny Malagasy iray manontolo, indrindra amin'izao ady atao amin'ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy sy ny ankizy izao.
Tafita ny hafatra ary tratra ny tanjona dia :
- ny fijoroana vavolombelona amin'ny fitoriana ny filazan-tsara ivelan'ny fitandremana misy antsika.
- ny fanehoan'ny Firaisan'ny Tanora sy ny Sampana F2SA Ambohitantely ny talenta sy fanomezam-pahasoavana avy amin' Andriamanitra tamin'ny alalan'ny hira sy dihy ary ny filalaovana tantara an-dampihazo.
- ny fanandratana ny kanto Malagasy.
- Feno ny trano ary nisy vahiny maro dia maro namaly ny fanasana ankoatran'ny mpiara-miombom-bavaka eto amin'ny Fitandremana misy antsika, singanina manokana ny vady aman-janaky ny Filohan'ny FJKM ny Mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi,
- Nipa, ritaka eraky ny tambazotra sosialy, haino amanjery, ary ny Fiangonana FJKM rahavavy maro manodidina antsika ny fanasana ny fanentanana.
Hetsika voalohany niarahan'ny F2SA ny hetsika Tsangambato roa.
Nandray anjara tamin'ny hetsika avokoa ny Antoko Mpihira 3 tonta : CA, CMA, Feo Tantely sy ny Rantsana Dihy Tantely, nialohavan'ny Hira Faneva faha 135 taona nijoroany nohirain'ny Sampana Sekoly Alahady.

Noravahan'ny filatroana maneho ny fitafy malagasy nokarakarain'ny orinasa Fosamanga Création ny hetsika. Marihina fa io Orinasa io no nampitafy ny mpilalao an-tsehatra rehetra sy ny mpanolotra.

Ny tantara koa dia noravahana hira amin'ny gadona kalon'ny fahiny amin'ny endriny ankehitriny, teny antenantenany rehetra teny, ny tononkira rehetra dia efa voasoratra avokoa fa ny feony kosa, izay noforonon'i Tsiresy Rajaonarifetra, mpanatalenta, mpitendry, mpamorona mozika, namana tsy mahafoy, dia nohavaozina hifanaraka amin'ny endriky ny tantara.

Ny tononkira rodobe famaranana kosa dia nosoratan'i Fara Andriamanjato, Mpampianatra Sekoly Alahady, izay tsy zoviana amintsika intsony ny talenta hananany amin'ny alalan'ny zavakanto.

Ny fampiofanana ireo mpilalao sy ny fandrindrana an-tsehatra dia nifandrombonan' i Tsiory Ravaloson mpilalao an-tsehatra matihanina ao anaty fikambanana teatraly malaza eto Imerina, sy ny Filohan'ny Komity, Liva Robson

Tsy tontosa izany hetsika rehetra izany raha tsy nisy ny fitahiana lehibe avy ao ambony koa fisaorana an'Andriamanitra no atolotray voalohany indrindra.
Etoana, izahay Birao sy ny Sampana Sekoly Alahady manontolo, dia maneho fisaorana mitafotafo ho an'ny :
- *Ray aman-dreny Mpitandrina Rakotonavalona Maholy mivady*
- *Ny Komity sy mpikarakara ary ny fianakaviana sy orinasa mpanohana ny Seho an-tsehatra rehetra tsy ankanavaka*
- *Ny Filohan'ny F2SA Ny Andrianjohary Rasoldier Rajoelina*
- *Ny Sampana Dihy Tantely sy Feo Tantely*
- *Ny CMA, CA, STK, TTK, Ny SAFIF, ny SAMPATI*
- *Ary ny Fiangonana manontolo.*

Nofaranana tamin'ny fiaraha-misakafo ny 7 novambra 2021 tao amin'ny Akany ARM ho fankasitrahana ny mpandray anjara, sy ny komity mpanohana ary ireo fianakaviana loharano nipoiran'ny Tantara hetsika Tsangambato 2. Notolorana mari-pahatsiarovana kosa ireo mpilalao rehetra avy amin'ny Sampana Sekoly Alahady.

Farany, araka ny fangatahan'ny maro tamintsika, indrindra ireo havana avy any ampitandranomasina izay tsy mba afaka nanatrika ny hetsika na dia naniry ny hifanotrona amintsika aza, fifaliana ho anay ihany koa no amoahanay ny rakitsary manontolo tamin'iny seho an-tsehatra iny, izay afaka jifaina amin'ny vidiny tena mirary 20 000 Ar, 80 isa ihany no natonta tamin'ity voalohany ity koa manentana antsika dieny zao izay afaka mandray anjara hanatona anay rehefa mirava ny fotoam-pivavahana.

Raha sitrapon'ny Tompo ary izay moa no faniriana dia handray anjara amin'ny sasakalina izahay hampiseho ny sombintsombiny amin'iny tantara an-tsehatra iny koa manentana antsika dieny izao ihany koa amin'ny fanatrehana ny sasakalina faha 24 décembre 2021hatrany.

Andriamanitra manankarem-pahasoavana anie hamaly fitia anareo.

Ho an'Andriamanitra irery anie ny voninahitra

**Liva Robson**
***Filohan'ny Komity Seho an-tsehatra***
***Filoha Mpanampy Sampana Sekoly Alahady***

## FAHA 20 TAONA NIARAHA-NANOMPO

Noho ny fahasoavan'Andriamanitra dia tanteraka soa amantsara ny famaranana ny Fankalazana ny faha 20 taona niaraha-nanompo tamin'ny Mpitandrina RAKOTONAVALONA Maholy mianakavy sy ny Fiangonana FJKM Ambohitantely.



Nomarihina tamin'ny fotoana roa samihafa izany ka ny voalohany dia ny fantanterahana ny « RODORODO » ny Sabotsy faha 04 Desambra 2021 teny Ambohitrakanga. Niavaka tokoa satria notanterahina tamin'ny alalan'ny dia tongotra niala teo Ambohimangakely ka nihazo an'Ambohitrakanga izay toerana hanganana ny ivotoerana izay mbola tafiditra ho isan'ny tsangambato hita maso amin'izao fankalazana izao. Samy nanana ny fanamiany izay nampiavaka azy ireo Sampana sy ireo mpianakavin'ny finoana eto amin'ny Fiangonana nentina nanamarika izany. Tonga nanatevin-daharana sy nanohana ihany koa ny sampan-draharahan'ny fahasalamana AROVY.

Natomboka tamin'ny fanompoam-pivavahana fiderana an'Andriamanitra ny fotoana izay notarihin'ny Mpitandrina RAKOTONIAINA Helisoa Voninkazo. Ny Mpitandrina RAKOTONAVALONA Maholy sy ny Komity kosa no nampahafantatra mahakasika ny ivotoerana sy ny tanjona ho kendrena.

Nisy ihany koa ireo fanentanana maro samihafa sy ny fifampizarana hafaliana nialohany fiverenana dia an-tongotra indray.

Ny Alahady faha 05 Desambra 2021 kosa ny fototoam-pivavahana famaranana ny Fankalazana. Nitondra ny hafatra sy ny toriteny ny Mpitandrina RAKOTONIRINASOA Hubert. Ny Chœurs d'hommes no niredona ny hira fanevan'ny faha 20 taona niaraha-nanompo.

Tao anatin'ny fotoana manokana no nanolorana ny mari-pankasitrahana ho an'ny Mpitandrina RAKOTONAVALONA Maholy mianakavy tamin'izay faha 2o taona niaraha-nanompo izay, ho an'ny Mpitandrina ANDRIAMAROSOA Ifaharaniana Manoa Iris sy ny Mpitandrina ROBSON Zolalaina Mahitsison Mpitandrina ihany koa ; izy ireo izay nanao ny tononkira sy ny feon'ny hira faneva.

Teo ihany koa ny fampahafantarana ny « Sampana Vondrona Fototra Laika » izay anisan'ny Sampana vaovao eto amin'ny Fiangonana.

Ny fankalazana no tapitra fa ny asa izay hijorona vavolombelona kosa dia mbola mitohy madrakariva amin'ny alalan'ireo hetsika sy fanentanana maro samihafa toy ny boky « TANAM-PITIAVANA » izay entintsika hamitana ny asa izay efa natomboka sy izay mbola kasaina hotanterahina.

***« Mifanompoa amin'ny fitiavana » Gal. 5 :13d***

Ho an'Andriamanitra irery ny Voninahitra.

***Ny Komity***

## CHORALE MAINTIMOLALY AMBOHITANTELY



Hihira am-panahy sady hihira an-tsaina ho an'ny 40 taona manaraka 40 taona tamin'ity taona 2021 ity ny Chorale Maintimolaly Ambohitantely (CMA) ary ity fankalazana ny 40 taona ity dia tena niavaka mihoatra ny fankalazana rehetra hatrizay. Ny antony, tamin'ity taona ity no tena nanehoan'Andriamanitra tamin'ny CMA fa azy ny fikambanana ary miahy azy amin'ny zava-drehetra. Niarahantsika nahita ny vanim-potoan'ny hamehana ara-pahasalamana nanomboka ny taona 2020 ka tsy nafahana niara-niombom—bavaka, nikarakara fitoriana an-kira, tsy nahafahana niaona sns sns..ary efa vaky saina ny mpikambana, ahoana no hanamarihana ny faha 40 taona amin'izao valan'aretina miparitaka izao? Noho izany fiahian'Andriamanitra izany anefa dia niha niverina tsikelikely ny fahazarana andavanandro ka azo natao ny 27 jona 2021 ihany ny fanokafana ny fankalazana ny faha 40 taona. Fanokafana fankalazana nantenaina hakotrokotroka, anefa noho ny fandaminana dia fotoam-pivavahana fohy no natao… tsy fihevitry ny fikambanana anefa ny fihevitr'Andriamanitra ary izay no tanteraka soamantsara, misaotra an'Andriamanitra. Tamin'io fotoana io koa no nanolorana ny teny faneva vaovao "Sady hihira am-panahy no hihira an-tsaina koa aho" IKor 14 : 15b ary nampisehoana ny sary famantaran'ny faha 40 taona.

Fiahian'Andriamanitra sy tolo-kevitra avy aminy dia nitsiry ny hevitra hampiasa ny tambazotra-tserasera sy ny teknolojia vaovao hanapariahana ny hafatr'Andriamanitra amin'ny alalan'ny hira koa dia mahafaly ny CMA ny manaparitaka hatramin'izao antsa-kira "virtuel" ho mariky ny fiombonana amin'ireo vahoakan'Andriamanitra rehetra. Mbola azonao jerena amin'ny alalan'ny pejy Facebook –n'ny Maintimolaly Ambohitantely CMA izany. Hetsika hanamarihana ny faha 40 taona koa ny feon'ny mpikambana, andian-tsary mihetsika fijoroana vavolombelona ataon'ny mpikambana CMA rehetra hampahafantarana ny tombon-tsoan'izany hoe anaty antoko mpihira ary hanentanana ny hafa tsy mbola nirotsaka.

Fitahin'Andriamanitra ary mariky ny fihavahan'ity fankalazana ity ihany koa ny nanolorany mpikambana CMA 12 vaovao hanatevin-daharana ny mpikambana hiatrika izao fankalazana ny faha 40 taona izao. Nandritra ny fotoam-pivavahana alahadin'ny CMA ny 14 novambra 2021 teo izy ireo no narahabaina ary sambany izany 12 mianadahy no indray noraisina.

Amin'ny taona 2022 vao hifarana ny fankalazana ny faha 40 taona, mangataka vavaka amintsika ny CMA mba hahatontosa soamantsara ny hetsika rehetra kasainay atao manomboka ny taona ho avy ahafahanay mitory ny fitiavan'Andriamanitra. Manantenana ny fanohanan'ny mpiara-mivavaka rehetra eto Ambohitantely koa amin'izay asa kasaina atao rehetra, Andriamanitra anefa no manantanteraka izany arak'izay heveriny mety. Mandra-pihaona amin'ny taona ho avy, mirary fety sambatra! Mirary soa!

***Naomy***

## FAHA 30 TAONA F.R.K














## SEKOLY ALAHADY/ TSANGAMBATO 2







## FAHA 20 TAONA NIARAHA-NANOMPO













**KATEKOMENA "Manoa"**